Fiteny bolgariana

Ny **fiteny bolgariana** dia fiteny ao amin'ny fianakaviam-piteny indo-eoropeana ao amin'ny vondrom-piteny slava indrindra ao amin'ny fiteny slava atsimo, iray amin'ireo zana-bondrona telo. Mifampitohy amin'ireo fiteny hafa ao amin'io zana-bondrona io ny fiteny bolgariana ka isan'izy ireo ny fiteny serbo-kroaty sy ny fiteny slovena sy ny fiteny makedoniana ary ny fiteny slava tranainy.

Ny fiteny bolgariana dia fiteny ofisialin'i Bolgaria izay ahitana mpiteny azy betsaka sady io fiteny io dia iray amin'ireo fiteny ofisialy 24 ao amin'ny Vondrona Eoropeana. Ahitana mpiteny bolgariana koa ao amin'ny firenena manakaiky an'i Bolgaria, sahala amin'i Okraina, i Moldavia, i Makedonia, i Romania,i Grisia ary i Torkia, ary koa ao amin'ny sisin-tany andrefan'i Serbia, ary ao amin'ny vahoaka vitsy ao amin'ny firenena maro, ka mitotaly 8 000 000 hatramin'ny 10 000 000 ny mpiteny bolgariana. Ny fiteny bolgariana dia soratana amin'ny abidy sirilika ka ny fiteny nipoirany dia ny fiteny slava tranainy izay atao hoe fiteny bolgariana tranainy koa.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_bolgariana&oldid=968744"

Voaova farany tamin'ny 9 Martsa 2019 amin'ny 13:26 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.